“Ny taratasy amin'ny volamena dia zanabola, afa-tsy ny ity sy ny ity, ary ny varim_bazaha dia zana-bola amin’ny varim_bazaha, afa-tsy ity sy ity, ary ny voamaina dia zana-bola ho voamaina, afa-tsy ity sy ity, ary ny daty dia zana-bola amin'ny daty , afa-tsy ity sy ity

Araka ny voalazan'i Malik ibn Aws ibn al-Hadathan hoe : "Iza no manakalo dirham?", namaly i Talha bin Obaidillah, raha mbola teo amin'i Omar bin Al-Khattab (R.A) izy manao hoe : Asehoy anay ny volamenanao, dia mankanesa atỳ aminay ianao, fa rehefa tonga ny mpanampinay dia homenay anao ny taratasinao, dia hoy i Omar Ibn Al-Khattab : Tsia, mianiana amin'I Allah aho, omeo azy ny taratasiny, na avereno aminy ny volamenany, satria ny irak'Allah (S.A.W) niteny manao hoe : “Ny taratasy amin'ny volamena dia zanabola, afa-tsy ny ity sy ny ity, ary ny varim_bazaha dia zana-bola amin’ny varim_bazaha, afa-tsy ity sy ity, ary ny voamaina dia zana-bola ho voamaina, afa-tsy ity sy ity, ary ny daty dia zana-bola amin'ny daty , afa-tsy ity sy ity".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nilaza i Malik bin Aws fa nanana dinar volamena izy ary te-hanakalo izany amin'ny dirham volafotsy, ka hoy i Talha bin Obaidillah (R.A):Omeo aty ny Dinar nao ho jereko, Avy eo dia hoy izy taminy rehefa nanapa-kevitra ny hividy izany : Mitongava aty aminay ianao rehefa tonga aty ny mpanampinay mba hanomezanay anao ny dirham-bolafotsy. Ary i Omar ibn Al-Khattab (R.A) dia nanatrika tao ka tsy nanaiky ity karazana fifampiraharahana ity, ary nianiana tamin'i Talha mba handoa ny volafotsy izy ankehitriny, na hamerina aminy ny volamenany izay nalainy, ary nazavainy ny anton'izany fa i Mpaminany (S.A.W) nilaza hoe : ny fivarotana volafotsy amin'ny volamena, na ny mifamadika amin'izany, dia tsy maintsy mandray ny tamberim-bidy mivantana, raha tsy izany dia ho voarara ny fifanarahana miendrika zana-bola sy voarara, ary tsy raikitra ny fivarotana volamena amin'ny volafotsy, na volafotsy amin'ny volamena, afa-tsy amin'ny takalo an-tànana, ary vita ny takalo, ary tsy amidy ny vary ho solon'ny vary, ary voamaina ho solon'ny voamaina, afa-tsy ny mitovy aminy, ny lanja ho an'ny lanja, ny famarana ho solon'ny famarana, ny tànana amin'ny tanana, ary tsy azo atao ny manasaraka azy vao maka azy.